
# Iza no tokony handimby ani Joseph Smith

Talohan'ny nahafatesany dia nampianatra izao manaraka izao tamin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Mpaminany Joseph Smith:




> Ry rahalahy, . . . efa kely sisa dia hitranga ireo toe-javatra [sasany] manan-danja. Mety hamono ahy ireo fahavaloko. Ary raha izany no hitranga, kanefa tsy nampitaina taminareo ny fanalahidy sy ny hery izay mitoetra amiko, dia ho very tsy ho eto an-tany intsony izy ireo. Fa raha mahomby amin'ny fampitana izany amin'ny fametrahako ny tanako eo ambony lohanareo fotsiny aho, dia tsy maninona na dia ho lasa eo am-pelatanan'ireo mpamono olona aza aho raha izay no sitrak' Andriamanitra, ary afaka mandeha amin'ny fifaliana sy ny fahafaham-po rehetra aho, satria fantatro fa vita ny asako, ary tafapetraka ny fototra izay iorenan'ny fanjakan' Andriamanitra amin'izao fitantanana ny fotoam-pahafenoana izao.
>
> Eo an-tsoroky ny Roambinifololahy no tsy maintsy ipetrahan'ny andraikitra hitarihana ity fiangonana ity manomboka izao mandra-panendrenareo ny hafa handimby anareo. (Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith [2007], 533–34)

Nampianatra ihany koa i Joseph Smith fa ny Fiadidiana Voalohany no hany vondrona miahy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, saingy rehefa maty ny mpaminany dia rava ny Fiadidiana Voalohany (jereo ny Tantara, 1838–1856 [Manuscript History of the Church], volume B-1, 691, josephsmithpapers.org).

- Inona avy amin'ny zavatra nianaranao no mety hanampy anao hamaly ireo fanambarana telo natao teo aloha?
- Inona no lamina napetraky ny Tompo mba hanohizanany fitarihana ny Fiangonany rehefa maty ny mpaminany?

Rehefa niresaka tamin'ny Olomasina nandritra ny fivoriana lehibe iray i Brigham Young dia maro no nanoratra traikefa mahagaga ary nahatsapa fanamafisana avy amin'ny Fanahy Masina.

Ny Filoha George Q. Cannon (1827–1901), izay nanompo tao amin'ny Fiadidiana Voalohany taty aoriana dia nizara hoe:



> Nitsangana i Brigham Young . . . dia nandahateny tamin'ny olona. . . . tsy misy afaka hanadino ny fihetseham-pony vokatr'izany mihitsy ny olona nanatrika io fotoana io! Raha nitsangana tamin'ny maty i Joseph ary niteny teo anatrehan'izy ireo indray, dia tsy ho nahatalanjona kokoa noho izay zavatra tsapan'ireo olona maro nanatrika ilay fivoriana ny vokatr'izany. Feon'i Josefa mihitsy no re; ary tsy vitan'ny hoe ny feon' i Josefa fotsiny no re; fa raha ny fijerin'ny olona azy dia toa ny tenan' i Josefa mihitsy no nijoro teo anoloan'izy ireo. Tsy mbola nisy trangan-javatra mahatalanjona sy mahagaga kokoa noho izay nitranga tamin'io andro io teo anatrehan'izany vondrona mpivavaka izany. Nomen'ny Tompo fijoroana ho vavolombelona izay tsy namela toerana ho an'ny fisalasalana momba ny hoe iza ilay lehilahy nofidiny hitarika azy ireo ny vahoakany. Samy nahita sy nandre tamin' ny masony sy ny sofiny voajanahary izy ireo, ary avy eo dia tonga tao am-pon'izy ireo ny teny izay nambara, niaraka tamin'ny hery mandresy lahatra avy amin' Andriamanitra, ary heniky ny Fanahy sy fifaliana lehibe izy ireo. Nisy ny zavatra nanjavozavo ary nitoetra tao am-pon'ny olona sasany angamba ny ahiahy sy ny fisalasalana; saingy tamin'izay fotoana izay dia nazava tamin'ny rehetra hoe io ilay lehilahy izay nomen'ny Tompo ny fahefana ilaina mba hanaovana asa eo anivon'izy ireo mba hisolo ny toeran'i Joseph (George Q. Cannon, "Joseph Smith, the Prophet," Juvenile Instructor, ôkt. 1870, 174–75).

Nanoratra izao manaraka izao i Emily Smith Hoyt, izay mpikambana iray nanatrika ny fotoana nitenenan'i Brigham Young tamin'ireo Olomasina:

> Nampientana mafy ny fanahiko manontolo ilay fomba fisainana, ny zavatra hita soritra teny amin'ny endrika, ary ny ny feo nivoaka. Ny masoko mihitsy no efa nahita ny vata-mangatsiakan'i Joseph izay novonoina. Ny tanako mihitsy no nahatsapa ny hatsiaka mamanalan'ny fahafatesana teo amin'ny handriny izay nanan-kaja teo aloha. Fantatro fa maty i Joseph. Kanefa dia matetika aho no gaga ka nijery tsy nahy teny amin'ny lampihazo mba hijery raha tsy i Joseph no teo. Tsy izy no teo fa i Brigham Young, ary raha misy olona misalasala ny amin'ny zon'i Brigham hitantana ny raharahan'ny Olomasina dia izao no hany holazaiko amin'izy ireo. Raiso ny fanahin' Andriamanitra dia fantatro manokana izany. Ny Tompo no hanome azy izay sahaza azy (Emily Smith Hoyt, ao amin'ny Lynne W. Jorgensen, "The Mantle of the Prophet Joseph Passes to Brother Brigham: A Collective Spiritual Witness," BYU Studies, boky. 36, lah. 4 [1996–97], 164).

- Raha teo ianao, dia inona no mety ho fiantraikan'izany zavatra niainana izany teo aminao?
- Inona no mety hifandraisan'ny Môrônia 10:5 amin'ny zavatra nianaranao?



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_472-1